# TATITRA
# FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY
# DINGANA FAHA: 5

**Firenena: Madagasikara**
**Koaminina: Andriampamaky**
**Daty: 08, 09, 10 Aogositra 2013**



**Figure 1: Mpandray anjara nandritry ny fiofanana**

gender links for equality and justice

**FIZAHAN-TAKELAKA**

FANOLORANA

Ny 08 ka hatramin'ny 10 Aogositra 2013 dia tafavory tao amin'ny tranom-pokonolona Ambohitrony, Andriampamaky ireo mpiaramiombon'antoka rehetra amin'ny fampandrosana. Izany atrik'asa izany dia natao hanohizana ireo rehetra dingana efa vita amin'ny maha ivotoerana mendrika ny kaominina.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solon-tena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solon-tena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikitry ny fahasalamana sy ny tompon'andraikitry ny fampandrosoana ifotony ary ny fikambanam-behivavy eo an-toerana.

Ity atrikasa ity dia tafiditra ao anatin'ny dingana fahadimy izay entina hampiofanana momba ny miralenta sy ny fampandroana ara-toe-karena, ny fiovaovan'ny toetr'andro, ary ny fandravonana disadisa.

Anisan'ny nodinihina nandritra ny fampiofanana ihany koa ny fanaovana tny drafitrasan'ny kaominina momba ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra izany mifanaraka amin'ireo lohahevitra voadinika nandritra ny fampiofanana. 25 ny isan'ireo mpandray anjara ka 03 ny lahy ary 22 ny vavy. Nanatanteraka ny fanofanana i Rtoa RAVALORIAKA Robert Eva izay Ben'ny Tanàna ny Manjakandriana no sady mpampiofana avy ao amin'ny AESG ( Association des élus sensible au genre ).

# TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny pôlitika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary amin'ity taona ity izany hoe taona 2012 dia ny volana Aprily no anaovana azy.

**Fizotrin'ny atrik'asa**

**Fampandrosoana Ara-toe-karana Ifotony:**

Inona avy no zavatra azo ataon'ny vehivavy:
Voly anana
Asa tanana toy  ny: Rary, Manenona, zaitra, manao biriky
Sakana:

- Ny fahasalamana
- Tsy fahampiana ara-bola
- Fitaterahana maro
- Tsy fahasahiana mandray andraikitra
- Tsy fahasahiana manapaka hevitra
- Tahotra
- Tsy fahampian'ny fahalalana
- Tsy fahaizana mandamina fotoana
- Sakana ara-tokan-trano ( Vady)
- Hakamoana
- Tsy fahatokisana tena

Famaritana nomen'ny mpampiofana:

**Ny atao hoe Fampaandrosoana ny toe-karena ifotony** dia ny fiara-miasan'ny mpiara-miombona antoko avy amin'ny sehatra toy ny sehatra miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny sehatry ny fandraharaha izy manao izay hampandroso ny toe-karena sy fiforonan'ny asa. Ny hanatsara ny kalitaom-piainan'ny rehetra no tanjona eto.

**Ny mpiara-miombona antoka**

Lohahevitra faha 2 : Miralenta sy ny fiovaovan'ny toe-trandro

1. Inona no atao hoe fiovaovan'ny toe-trandro?

Tarika voalohany:

Ny atao hoe fiovaovan'ny toetrandro dia ny fikoron-tanan'ny vanim-potoana rehetra toy ny lohataona, ririnina, fahavaratra...sns

- Loahataona famana be loatra
- Fahavaratra, betsaka be ny orana
- Ririnina lasa mangatsiaka be
- Fararanao indraindray mbola misy tondra-drano

Izany rehetra izany dia

- manakorontana ny taom-pambolena aty an-toerana
- Miteraka aretina maro noho ny fiovaovan'ny hafanana loatra

2. Inona no atao hoe fampandrosoana maharitra?
   Tarika faha roa

Ny atoa hoe fampandrosoana maharitra dia: fanamboarana ny foto-drafitrasa miatraika mivantana amin'ny fiainam-bahoaka toy ny:

- Lanana
- Toha-drano

- Rano fisotro madio
- Tsena
- Tobim-pahasalama
- Sekoly

3. Manomeza fifandraisana misy eo amin'ny fiovaovan'ny teo-trandro sy ny fampandrosoana maharitra?


**Figure 2: Fatsakana Ambohitrony, Andriampamaky**

Tarika faha 3 :

Ny fifandraisana eo amin'ny fivaovan'ny toe-trandro sy ny fampandrosoana maharitra dia:

Famaritana araka ny ao anaty boky fiofanana :

**Ny fiovan'ny toetrandro** dia ny fiovana eo amin'ny toetrandro ankoatra ireo fiovaovana voajanahy. Avy amin'ny asa mivantana na ankolaka ataon'ny olombelona izay manimba ny atimosifera maneran-tany ireo ary azo hamarinina fa mihamahazo vahana araka ny fondrosoan'ny fotoana. Fiakaran'ny tahan'ny entona ratsy C02 ao anatin'ny rivotra no anisany mahatonga ity fiovana ity, ary manampy trotraka izany ny firoboroboan'ny asa fanodinana na indostira nitarin'ny zanak'olombelona nandritra ny taonjato roe farany.

**Fampadrosoana maharitra** dia fampandrosoana izay sady afaka mamaly ny filàn'ny olona miaina amin'ny vanim-potoana ankehitriny no tsy manohintohina ny fahafahan'ny taranaka fara mandimby hoavy hamaly ny filàny ihany koa.

**Soso-kevitry ny mpandray anjara momba ny fiaraovana ny tontolo iainana**

- Ady minin'ny doro tanety
- Ady amin'ny fikapana hazo tsy ara-drariny
- Fambolena azo
- Fanadiovana
- Fanenana ny fampiasana angovo diso tahafoatra

**Lohahevitra faha: Miralenta sy Fandravonana Disadisa:**

Naka ohatra ny olana matetim-pitranga eny anivon'ny fokontany ny no nataon'ny mpandray anjara antsehatra. Disadisa momba ny lalana mampitohy kaominina roa mifanakaiky misy nanampina no natao ohatra. Nozaina efatra (4) ny mpandray anjara. Ny voalohany ny kaominina nanampina ny lalana izay lalana efa masaka sady efa aman-taonany no nampiasaina. Ny faharoa fokontany izay mahatsapa fa voateritery momba ny fanam-penana an'io lalana io. Fahatelo ny ny lehiben'ny mpanolotsaina izay manana andraikitra amin'ny fandravonana ny disadisa ary ny fahaefatra dia ireo mpandamina sy mpijery ny fandaminana.

Rehefa vita izany dia hita fa dia hita fa :

- Fandaminana no azon'ny kaominina atao.
- Tokony hapetraka tsara ny fitsipika mialoha ny andravonana disadisa
- Tokony handray fanam-pahan-kevitra ny lehiben'ny mpanolotsaina raha vao misy tsy manara-dalàna
- Tokony ny olona nahazo fiantsoana ihany no tokony ho tonga
- Tokony tsy hivaona amin'ny resaka nifampiantsona ny ady hevitra
- Tokony jerena eny ifotony aloha ny olana

- Tokony maka tompon'andraikitra manokana momba ny anton'ilay olana ny kaominina raha misy izany toy ny : Fampianarana, fahasalamana, fananan-tany
- Tokony hijanona eo amin'ny lehiben'ny mpanolotsaina ny fandaminana raha mbola eo anivon'ny kaominina fa tsy tokony hiakatra amin'ny Ben'ny Tanàna
- Tokony manana tanjona ny kaominina mba handravina ny ady madinidinika rehetra mba tsy hiakarany amin'ny ambaratonga ambony
- Rehefa hita fa tsy vitan'ny fahefan'ny kaominina intsony ny raharaha dia azon'ny kaomina atao no tsy mandray an'izany fa mampiakatra izany any amin'ny ambaratonga ambony.

**Toetra tokony ananan'ny lehiben'ny mpanolotsaina:**

- Tony
- Mahay mihaino tsara ny andaniny sy ny ankilany
- Matotra
- Tsara fitondratena
- Mahay mandresy lahatra
- Tsy manao fijery mitongilana
- Manana fahasahiana
- Manana fo tony
- Manana décision ferme, Tsy mivadika amin'ny fanampahan-kevitra noraisina
- Mahay mitondra resaka
- Mahay mihaino tsara
- Tsy mijaha tavan'olona
- Tsy manavakavaka
- Tsy mora tezitra
- Manaja fotoana
- Tsy mandray tsolotra
- Tsy mandry antatatra
- Tokony halefaka



**Figure 3: RAVALORIAKA Eva, Mpampiofana**

**Tovana A: Fandaharam-patoana**

**Firenena: Madagasikara**
**Dingana: Faha 5**
**Kaominina: Andriampamaky**
**Toerana: Lapan'ny Tanàna Andriampamaky**
**Daty: 08-10 Aogositra 2013**

| **Ora** | **Fandaharana** | **Tompon'andraikitra** |
|---|---|---|
| **ANDRO VOALOHANY** | | |
| 08H -8H 30 | Fandraisana | Ben'ny Tanàna |
| 8H 30- 9H | Fanokafana amin'ny fomba ofisialy | Ben'ny Tanàna |
| 9H- 9h15 | Fanolorana ny fandaharam-potoana ny atrikasa | Eva |
| 9H 15 – 10H 45 | Loh 1 : Fampandrosoana Ara-toe-karana Ifotony | Eva |
| 10H 45 -11H 45 | Loh 2 : Fiovaovan'ny Toe-trandro | Eva |
| 11H 45- 12H 30 | Loh 3: Fandravonana Disadisa | Eva |
| 12H 30- 14 H | Sakafo | |
| 14H-16hH | Loh 4: Fanavaozana Drafitrasa | Eva + Zoto+ Mpandray Anjara |
| | **ANDRO FAHAROA** | |
| 08H 30- 12 H 30 | Loh 4: Fanavaozana Drafitrasa | Eva + Zoto+ Mpandray Anjara |
| 13H- 14 H | Sakafo | |
| 14H – 16 H | Loh 4: Fanavaozana Drafitrasa | Eva + Zoto+ Mpandray Anjara |
| **ANDRO FAHA 3** | | |
| 8 H 30 -12H 30 | Loh 4: Fanavaozana Drafitrasa | Eva + Zoto+ Mpandray Anjara |
| 12H 30 - 14 H | Sakafo | |
| 14H – 15H 30 | Fandravonana ny drafitrasa | Eva |
| 15H 30- 15 H 45 | Tombana | Eva |
| 15H 45 – 16 H | Famaranana amin'ny fomba ofisialy | Ben'ny Tanàna |

**Tovana B : Fanamarinam-pahatongavana**

**Fandraharana: Dingana faha 5 Andriampamaky**
**Firenena: MADAGASCAR**
**Toerana : Lapan'ny Tanàna Andriampamaky**
**Daty: 08-10 Aogositra 2013**
**Fanamarinam-pahatongavana**

| N° | Anarana sy fanampiny | L/V | Toerana Iandreketana | Andraikitra | TEL | Mailaka |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | RAVONIARIMANANA Verohanitra | V | Fokontany | Filoha | | verohanitra@yahoo.fr |
| 2 | RASOARIMALALA Marie Jocée | V | Kaominina | C.D.S | 033 83 493 09 | Rasoarimalalamarigoseean @gmail.com |
| 3 | RAZANARIMANANA Oliva Juliette | V | Fokontany | Filoam-bohitra | 033 19 349 04 | razaiarimananaolivajuliette @yahoo.fr |
| 4 | RASOARIMALALA Lucie | V | | | | rasoarimalala.lucie@yahoo. fr |
| 5 | RAMANANTENASOA Marie Cécile | V | SEECALINA | ACN | 033 41 235 48 | ramanantenasoamariecécil e@yahoo.fr |
| 6 | ANDRIAMIHAJA Richard | M | Kaominina | P.C.C | 033 74 795 19 | |
| 7 | RASOAINALALA Marie Lucile | V | | | | rasoainalala.marielucile@ya hoo.fr |
| 8 | RAHARIVONY Vololomihaja | V | | | | |
| 9 | RAVAOHARIVONY Hanitra Francine | V | Kaominina | A.C.A | | |
| 10 | RAZOELISOA Vololoniaina | V | Kaominina | A.C.A | 033 84 322 25 | razoelisoavoloniaina@yaho |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | o.fr |
| 11 | RAMINOARISOA Dette | V | Kaominina | A.C.A | | |
| 12 | RAHEDIARISOA Volahanta | V | Kaominina | C.D.S | 033 01 750 93 | rahediarisoavolahanta@yahoo.fr |
| 13 | RAZANAMALALA Lucie Aurélie | V | Kaominina | STC | 033 09 992 09 | |
| 14 | RAVELOARIMALALA Vololoniaina | V | Fokontany | Mpitantam-bola | 033 12 690 31 | |
| 15 | RAKOTOMALALA Ramimampionona | V | Fokonany | SAC | 033 01 826 64 | |
| 16 | RABAKOARIVONY Fredmond Françoise | V | | | | |
| 17 | RAHARINJOARIMALALA Sahondra | V | Fokontany | A.C | | |
| 18 | RASOARIVELO Haingo | V | Fokontany | Mpitantam-bola | | |
| 19 | RANDRIANASOLO Bakonirina | V | Fokontany | Filoha | 032 49 418 91 | randrianasolobakonirina@yahoo.fr |
| 20 | RAMANASOA Henriette | V | Kaominina | Dispensatrice | 032 56 795 94 | ramanasoahariette@yahoo.fr |
| 21 | RAHERIMALALA Jeannine | V | Fokontany | A.C | | raherimalalajeannine@gmail.com |
| 22 | RAVEROMALALA Fredmond Francine | V | Fokontany | A.C | | raveromalalafredmondfrancine@yahoo.fr |
| 23 | ANDRIAMANAPAMONJY Fabien Rija | L | Mpianatra | | 033 20 633 95 | fabien.mrija@hotmail.fr |
| 24 | RAVALORIAKA Robert Eva | V | A.E.S.G | Mpampiofana | 034 12 118 80 | ravaloriakaeva@yahoo.fr |
| 25 | RAZANADRATEFA Zotonantenaina | L | G.L | Mpampiofana | 034 43 087 78 | progmadagascar@genderlinks.org.za |
| 26 | RAZANAMALALA Marie Pauline | V | Kaominina | Maire Andriampamaky | 033 14 588 85 | niniepaule@yahoo.fr |
| 27 | | | Kaominina | Maire | | |

| | Isa | % |
|---|---|---|
| Lahy | 4 | 15% |
| Vavy | 23 | 85% |

Tovana D : Drafitr’asa hampidirana ny Miralenta sy ny Ady amin’ny herisetra

**DRAFITR’ASA HAMPIHARINA ENY AMIN’NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN’NY VEHIVAVY**

*Ny sehatra izay tokony ho fenoina :*

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon’andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana, valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra*** *– inona ny tanjona farany kendren’ ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **DRAFITR’ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| Fampitomboana ny fahafantaran’ny kaominina ny momban’ireo fanekena izay nataon’ny firenena eo amin’ny sehatra nasionaly, faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Fifanarahana ny Faritra Atsimon ‘i Afrika momba ny miralenta sy fampandrosoana. | Fampiofanana ny tompon‘adraikitra rehetra eo anivon’ ny kaominina monban’ny fifanarahana mikasika ny miranlenta sy ny fampandrosoana | Gender Links Kaominina | Tsy fahafantarana ny fifanarahana rahetra mikasika ny miralenta | Nahafantatra ny fifanarahana Mpiofana :25 | 2012 | Gender Links |
| Fahazoan’antoka fa misy politika momba ny miralenta eo anivon’ny kaomininina ary ampiaharina izany. | Fiadiana mafy ho an’ny fampiroboroboana sy fampiarana ny politika ny miralenta ho any ny kaominina | Kaominina | Nisy Fikambanam-behivavy 02 FEMMES LEADER FIVEPIMANJA | Misy vehivavy maromaro isam-pokontany nahazo fiofanana | 2008- 2010 | *Ministeran’ ny Mponina sy ny fiahiana ara-tsosialy* |
| Ny Politika mifototra amin’ ny miralenta dia vaindohan draharahan ‘ny kaominina ary misy olona singanina ho loha laharana amin’izany. | Fanomezana fiofanana an’ireo mpanolontsaina fototra momba ny miralenta mba ho azo antoka fa ireo tompon’ andrakitra mahefa no ho loha laharana momba ny miralenta. | Kaominina | Tsy fisian’ny mpitarika manana traikefa momban’ ny Miralenta | Misy olona Mitarika nahazo Fiofafana momban’ny Miralenta | 2012 | *Kaominina* |
| **I. FITANTANANA** | | | | | | |
| **Fiheverana** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fampitombona ny isan'ny vehivavy mpanolontsaina amin'ny fifidianana manaraka mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy eo amin'ny kaominina alohan'ny taona 2015. | Fahazoana antoka fa mitovy ny isan'n'ny mpanolontsaina vavy sy lahy eo amin'ny kaominina noho ny fandresen dahatra natao hampiharana ny quota 50/50. | Mpiofana rehetra | Mpanolo-tsaina :<br>Lahy : 04,<br>Vavy : 01 | Mpanolo-tsaina : lahy 02, vavy 03 | Fifidianana kaominaly izay hoavy eo | |
| | Fandresen-dahatra mba hitovy ny isan'ny vavy sy lahy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra eo anivon'ny komity mpanatanteraka na filankevitry ny kaominina, sns | Mpiofana rehetra | Mbola vitsy ny resy lahatra | Maro ny resy lahatra ary tapakevitra ny hirotsaka | Fifidianana kaominaly izay hoavy eo | |
| | Fahazahoana antoka fa misy ny fifandanjana ny isan'ny lahy sy vavy eo amin'ny komity na rafitra rehetra eo amin'ny kaominina. | Mpiofana Kaominina | Mpiasan'ny kaominina<br>Vavy :04<br>Lahy :03<br>Sefom-pokontany<br>vavy :01<br>Lahy :04 | Mpiasan'ny kaominina<br>Vavy :04<br>Lahy :03<br>Sefom-pokontany<br>vavy :03<br>Lahy :02 | Fifidianana sefom-pokontany izay hoavy eo | |
| Fahazoana antoka fa voasolontena ara-drariny mitovy amin'ny lahy ny vehivavy ao amin'ireo seham-pitarihana ao amin'ny kaominina | Fanangonana sy fanavaozana ny antontan'isa mikasika ireo vehivavy mpitarika eo amin'ny fitondrana ifotony ka anisan'izany ireo mpitantana sy ireo komity hafa. | Mpiofana sy ny sefom-pokotany | Tsy fisian'ny antotanisa mikasika ny vehivavy Mpitarika | Fananana antotanisa mikasika ireo vehivavy mpitarika | Septambra 2013 | |
| | Famporisihana ny vehivavy andray anjara amin'ny fampianarana sy fanohanana azy ireo amin'ireo andraikiny. | Mpiofana rehetra | Tsy fisian'ny famporisiana ny vehivavy handray anjara | Misy mpanohana ireo vehivavy handray anajra | Alohan'ny fifidianana Mandavan-taona | |
| Fampianarana ny daholo be sy fampahafantarana ny rehetra ny lanja' ny fisian' ny solontena vehivavy mitovy isa amin'ny lahy eo amin'ny fitondrana ifotony eo aminy kaominina. | Fampianarana sy fampahafantarana ny mpiara monina ny lanja lehiben'ny fitovian'ny isan'ny solontena lahy sy vavy eo amin'ny politika ifotony sy ny maha-zava-dehibe ny fandatsaham-bato atao ny vehivavy. | Mpiofana | Mazoto mandeha mandatsa-bato ny vahivavy eto amin' ny kaominina Andriampamaky | Tazomina ny fahazotoan'ny vehivany mandeha madatsa-bato | Ny fifidianana rahetra izay misy (sefom-pokontany, Ben'ny tanana, solom-bavambahoaka , Filoham–pirenena...) | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Fanaovana lamin'asam-panentanana sy dinika mikasika ny fihetsika tsy dia mahomby izay ' misarika ny vehivavy namana ho lavo' mba ho fampiroboroboana ny fahazoana an'io trangan-javatra io .(ka hisorohana izany) | Mpiofana rehetra | Tsy fisian'ny lamin'asa sy ny Mpanentanana mikasika ireo vehivavy lavo | hisy ny fanentanana ,hisy ny lamin'asa | 02 isan'taona | |
| **Fandraisana anjara** | | | | | | |
| Fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy satria ny filan'izy ireo dia matetika lasa ankila bao na saron'ny filana na tanjon'ireo antoko politika. | Fahazoana antoka fa mitovy ny fandraisan nanjaran'ny vavy sy ny lahy amin'ireo fivoriana atao ny kaominina. | Mpiofana rehetra kaominina | Tsy fandraisana anjara ny vehivavy | Fandraisana anjara mavitriky ny vehivavy | Saptembra 2013 | |
| | Fahazoana antoka fa nisy akony na anjara noraisin'ny vehivavy teo amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny komininina. | Kaominina Mpanolon- tsaina | Mpanolon-tsaina Vavy : 01 Lahy :04 | Mpanolon-tsaina vavy : 03 Lahy : 02 | Fifidianana kaominaly ho avy | |
| | Fisiana tambazotra fiaraha- miasa miaraka amina vondrona nasionaly, na provinsialy hafa | kaominina | Tsy fisian'ny fiaraha miasa | Fisian'ny fiaraha miasa | Septanbra-desambra 2013 | |
| Manofana ny vehivavy eo anivony kaominina mba afahan'izireo mijery ny zavatra rehetra mikasika ny vehivavy | Fijerevany ny traikefa anan'ireo vehivavy mpitondra ao anatiny kaominina | Gender Links | Efa vita fiofanana | Efa vita fiofanana | 2012 -2013 | GL |
| | Fampidirana ny fampianarana ho an'ireo mpitondra vaovao eo anivon'ny kaominina | Gender Links | Efa vita fiofanana | Efa vita fiofanana | 2012 -2013 | GL |
| Manofana ny lehilahy eo anivony kaominina mombany miralenta ary manentana azy ireo mba hanohana ny miralenta | Manofana fanofanana momban'ny miralenta ho an'i lehilahy sy vehivavy eo anivon'i kaominina | Gender Links | Efa vita fiofanana | Efa vita fiofanana | 2012 -2013 | GL |
| | Manao fifampiresahana isam-bolana mobany miralenta ny eo anivon'ny kaominina. | Ben' ny tanana | Tsy nisy ny fifampiresahana | Hisy ny fifampiresahana momban' ny miralenta | Septembra 2013 | |
| **Fandraisana anjaran'ny vahoaka** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa ny vavy sy ny lahy dia mandray anjara mitovy eo amin'ny raharaha | Fanangonana, fikarohana sy fanadihadihana tahirin-kevitra voasokajy araka ny maha lahy na vavy momba ny kominina | Mpiofana rehetra kaominina | Tsy nisy antotanisa | Misy antotanisa | Septembra 2013 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| eo anivon'ny fitondrana ifotony. | | | | | | |
| **II. LAMIN'ASA** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa ny lamin 'asa norafetina sy ny fanomezana ny fikarakarana dia mizotra tokoa eo anivony kaominina ary koa nisy fakana ny hevitry ny vehivavy tamin'ny antanan-tohatra nandrafetana ny politikan'ny kominina. | Fahazoana antoka fa ny lamin'asa novinavinaina momba ny miralenta sy ny fanomezana ny fikarakarana dia mizotra tokoa eo anivon'ny kominina. | kaominina | Tsy ampy ny lamin'asa momba ny miralenta | Ampitomboina ny lamin'asa | Septembra 2013 | |
| | Fahazoana antoka fa voalaza mazava tsara ao anatin'ny tanjon'ny tetik'asa ny Komininana ny miralenta. | kaominina | Tsy mazava tsara ao anatin' ny tetik'asa ny kaominina ny miralenta | Ampitomboina sy hazavaina tsara ny resaka miralenta eo amin' ny tanjon' ny tetik'asa | Izay tetik'asa atao manaraka | |
| | Fahazoana antoka fa misy tondro zotra- na miralenta ao aminy teik'asa rehetra. | kaominina | Tsy ampy ny tondro zotran' ny miralenta | Ampitomboina ny tondro zotra-na miralenta | Septembra 2013 | |
| | Fanangonanana ny mikasika ny zava misy avy amin'ireo vehivavy momba ny sakana ,ny filana, ny irika sy ny famporisihana azy ireo ary ny fakana ny heviny eo amin'ny fandrafetana ny lamin 'asa sy ny politika-na miralenta. | kaominina | Tsy ampy ny fahafantarana ny zava misy momban' ny sakana , ny filana ,ny irika sy ny hevitry ny vehivavy eo amin'ny fandrafetana ny lamin 'asa sy ny politika-na miralenta | Ampitomboina ny fahafantarana ny zava misy momban' ny sakana , ny filana ,ny irika sy ny hevitry ny vehivavy eo amin'ny fandrafetana ny lamin 'asa sy ny politika-na miralenta | Septembra 2013 | |
| Fahazoana antoka fa nalaina ny hevitr'ireo vehivavy momba ny filany tamin'ny nadrafetana ny lamin'asa. | | | | | | |
| | Fakana amin'ny fomba tsy mitanila ny hevitry ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fandrafetanana ny lamin'asa. | kaominina | Tsy ampy ny Fakana ny hevitry ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fandrafetanana ny lamin'asa | Ampitomboina ny Fakana ny hevitry ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fandrafetanana ny lamin'asa | Septembre 2013 | |
| | Ny antana-tohatra ny sampana rehetra dia tokony hisy tondro zotra mikasika ny miralenta ao antin 'ny tetik'asa.<br>business plans. | Kaominona mpiofana | Tsy fananana tondro zotra mikasika ny miralenta | Fananana tondro zotra mikasika ny miralenta | Septembre 2013 | |
| | Fanaovana fanadihadihana alohan'ny fandrafetana lamin'asa | Kaominina mpiofana | Misy ny fanadihadiana alohan' | Tohizana sy ampitomboina ny fanadihadiana | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | mba hamaritana mazava ny filana eo amin'ny vavy sy ny lahy. | | ny fandrafetana lamin'asa | | | |
| | Fanaovana fanadihadihana ny fahafahampon' ny mpanjifa ary fitisinjarana sy fanadihadihana izany araka ny maha lahy na vavy. | Kaominina mpiofana | Misy ny fanadihadiana alohan' ny fandrafetana lamin'asa | Tohizana sy ampitomboina ny fanadihadiana | | |
| **III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY** | | | | | | |
| **Vonjy taitra** | | | | | | |
| **Toe-karena sy famoronana asa** | | | | | | |
| Fanaovana izay hisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahana mahazo asa satria betsaka lavitra ny vehivavy tsy an'asa raha hoarina amin'ny lehilahy | Fanaovana atrikasa momba ny fahafahana mahazo asa | kaominina | Efa nisy ny atrik'asa | Vehivavy nahazo atrik'asa | Isan- taoana ( 08 marsa ) | Malala-tanana |
| | Fampahafantarana ny vehivavy momba izay azony atao eo amin'ny fiharian-karena. | kaominina | Efa nisy ny fampianarana | Vehivavy nahazo fampianarana | Isan- taoana ( 08 marsa ) | Malala-tanana |
| **Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy(Soumission et contraction d'appels d'offres)** | | | | | | |
| **Famongarana ny fahantrana** | | | | | | |
| Famolavolana paikady mitsimbina ny miralenta mba hiatrehana ny fahantrana efa lalim-paka izay mahazo ny vehivavy, indrindra indrindra ny tokantrano tantanim-behivavy | Fanomanana paikady hampienana ny fahantrana, izay mampivoitra mazava tsara ny vehivavy sy ny tokantrano tantanim-behivavy | Kaominina Mpiofana | Tsy ampy ny paik'ady hampihenana ny fahantrana eo amin' ny tokatrano tatanam-behivavy | Fananana antotanisa ny tokan-trano tantanam-behivavy ary fampitomboina ny paik'ady hampienana ny fahantrana hoan' ireo tokatrano ireo<br>Mihena ny fahantrana eo amin' ny tokatrano tatanam-behivavy | Indray mandeha isan' taona<br>Amin' ny fotoana hafahan' ny mpiara miombon'antoka | Kaominina<br>ONG<br>Minisitera ny Mponina<br>PROSPERER |
| **Fanohanana ny asa fandraharahana** | | | | | | |
| **Sehatr'asa tsy manara-penitra** | | | | | | |
| Fampiroboroboana ny fitoviana eo amin'ny fahafahana miditra amin'ny tsenam-barotra | Fampifandraisana ny vehivavy amin'ny sehatr'asa mampandroso ny toe-karena | kaominina | Mitovitovy ny vehivavy sy ny lehilahy namaly tolotr'asa eo amin'ny asa ataon' ny kaominina | Mitovitovy ny vehivavy sy ny lehilahy mahazo tolotr'asa eo anivon' ny kaominina | | |
| **Foto-drafitrasa** | | | | | | |
| **Toeram-ponenana** | | | | | | |
| **Rano sy fahadiovana ary herin'aratra** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mahazo | Fanolorana fikarakarana | kaominina | Fanolorana | Didipoitra 30 isan-taona | Didipoitra | Kaominina |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| izay fikarakarana fototra sahaza eo amin'ny raharaha izay tadiaviny ka mifanandrify amin'ny toe- bolany ireo vehivavy izay iharan'ny fikarakarana tsy tomombana | mifanandrify amin'ny toe-bolan'ny tokantrano sahirana. | | fikarakarana ara-pahasalamana (didipoitra faobe,fijerena maso faobe,fanalana nify faobe,fijerena manokana ny reny sy ny zaza.... Operation kopia,karapanondro | Fijerena maso 120 isan-taona Fanalana nify 10 isan taona | ,fijerena maso, fanalana nify : 01 isan-taona Fijerena manokana ny reny sy ny zaza :02 isan- taona Operation kopie, karapanondro :01 isan telo taona | Distrika Ministera fahasalamana Malala- -tanana |
| | Fahazoana antoka fa natonina mialoha ny vehivavy izay vao notolorana fikarakarana. | Kaominina Mpanentana ara – pahasalamana | Fampahafantarana ny vehivavy ny fikarakarana izay atolotra | Ny isan' ny ankizy sy ny vehivavy nahazo ny fikarakarana | 01 na 02 isan-taona:fahasalamana 01 isan-telo taona: karapanondro sy kopia | Malala tanana Kaominina Distrika Ministera tompon'andraikitra |
| | Fanisiana fanovana eo amin'ny fikarakarana mba hifanandrifian'izany amin'ny filan'ny vehivavy | Kaominina Fokontany Fikambanana | Vehivavy ny ankamaroan'ny mpitantana sy ny mpikanbana ao anatin' ny fikojakojana sy fitantanana ny rano | Tohizana ny asa Hezahina mba ifandanja ny isan'ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin'ny fikabanana | Efa nantomboka | latsakemboka |
| Fahazoana antoka ny amin'ny hahafahan'ny vehivavy mampiasa herinaratra mifanaraka amin'ny fahafaha-mividiny satria izy ireo no tena mijaly noho ny tsy fahafahana mampiasa herinaratra | Fanomezana herinaratra mifanaraka amin'ny fahafaha-mividin'ny tokantrano sahirana. | kaominina | Fokontany 05 amin'ny 05 no misy herinaratra | Vita ny asa | Vita ny asa | Kaominina |
| **TOTONLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA** | | | | | | |
| Fampandraisana andraikitra ny vehivavy eo amin'ireo tetik'asa fiarovana ny tontolo iainana na koa ny firotsahana amin'ny fanaovana asa | Fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny fitantanana sy ny fanariana ny fako ary amina tetikasa fanodinana fako sy fitandroana ny rano. | Kaominina Fokontany Mpanentana ara-pahasalamana | Tsy misy toerana fanariam -pako | Lavam-pako isan'tokatrano | 2013-2014 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fandraharahana mifototra amin'ny tontolo iainana | | | | | | |
| **Fahasalamana** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny fahafahan'ny vehivavy mandeha any amin'ny toeram-pitsaboana ary mahazo fitsaboana madinidinika mora foana | Fampitomboana ny isan'ny rafi-pitsaboana afaka mifindrafindra toerana ary Fanaparitahana azy ireny amin'ny fomba tsy mitanila | Kaominina<br>CSB II<br>Mpanentana ara-pahasalamana | Misy CSB II : 01 misy trano fiterahana (maternité)<br>Misy mpisabo mpananpy sady mpampivelona<br>Tsy misy toby fandraisana ny olona voan'ny SIDA | *Vahoaka salama*<br>*Hanana dokotera* | 2013 | Minisiteran'ny fahasalamana |
| Fiatrehana ny olana ara-pahasalamana ateraky ny toerana misy ny zaza amam-behivavy izay maro an'isa amin'ireo fadiranovana ary mora andairan' aretina noho ny sakafony tsizarizary. | Fampiharana fandaharanasa momba ny fiahiana ara-tsakafo sy fananjarian-tsakafo | Kaominina<br>Seecaline | Fanofanana an'ireo mpanentana ara-pahasalamana miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo<br>Fanana toby isam-pokontany | Fampiarana ny fiofanana<br>Sakafo ara-pahasalamana | Efa am-perinasa | ONG<br>ZARASOA<br>USAID |
| **NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA** | | | | | | |
| **Fisorohana** | | | | | | |
| Famaritana mazava tsara ny fihanaky ny VIH/SIDA eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy eo anivon'ny kaominina. | Fanangonana tahirin-kevitra manavaka tsara ny vehivavy sy ny lehilahy mikasika ny aretina VIH/SIDA eo anivon'ny kaominina; fanomezan-danja ny miralenta ao amin'ny fandaharanasam-pirenena, na fandaharanasam-paritra ary ny ny fandaharan'asa ifotony mikasika ny VIH/SIDA | Kaominna<br>Mpiofana rehetra<br>Tompon'adraikitra ara-pahasalamana<br>Mpanetana ara-pahasalamana<br>CDS (commité de developpement social) | Tsy misy antotanisa mazava manavaka tsara ny vehivavy sy lehilahy mikasika ny VIH SIDA<br>Efa nisy ny fanentanana tamin' ny 2009 fa tsy mitohy<br>Misy fikanbanana miady amin'ny VIH SIDA eo anivon'ny fiangonana<br>Misy ny fanentanana mandritran'ny herinandron' ny reny sy ny zaza | Fanangonana antotanisa mazava<br>Tohizana ny fanentanana<br>Fanetsiketrehana sy fanantevenana ny mpikanbana | 2014 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Fampiroboroboana ny fampiasana fimailom-behivavy | Mpitsabo | Tsy mbola misy | Ezahina ampifantararina | 2014 | |
| | Fampianarana an-tsekoly manodidina ny taovam-pananahana izay manome lanja ny miralenta | Mpanabe | Famianarana ny fitaova pananahana sy ny VIHSIDA no misy fa ny resaka miralenta mbola tsy any an tsakoly | Fampifandraisana ny fianarana ny fitaovam- pananahana amin' ny miralenta | Taom-pianarana vaovao | |
| Fanabeazana ny vehivavy sy ny lehilahy mikasika ny fangatahana torohevitra sy ny fanaovana fitiliana an-tsitrapo izay manampy be dia be eo amin'ny fisorohana ny fihanaky ny aretina VIH/SIDA | Fanangonana tahirin-kevitra momba ny VCT manavaka tsara ny vehivavy sy ny lehilahy. Fampiasana izany hamolavolana fandaharan'asa fanentanana ny vehivavy sy ny lehilahy hilatsaka an-tsitra-po ho mpanororo hevitra. | Mpitsabo Mpanentana ara-pahasalamana Kaominina mpiofana | Efa nisy ny fanaovana fitiliana ny VIH SIDA | *Tohizana ny fanaovana fitiliana* | 2014 | Ministeran' ny fahasalamana |
| **Fitsaboana** | | | | | | |
| Fijerena akaiky ny zava-misy izay mazàna mametraka ny vehivavy ho farany amin'ireo mahazo fitsabona maimaimpoana raha misy izany. | Fanangonana antontan'isa manavaka tsara ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny fahazoana fitsaboana sy fikarakarana; fandraisana fepetra hanitsiana izany | Mpitsabo | Efa misy | Tohizana ny asa | | |
| Fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy vatsy sosialy satria izy ireo no tena ianjadian'ny vesatry ny fikarakarana an'ireo olona izay miaina miaraka ny tsimokaretina VIH/SIDA ary ny tovovavy no tena misahana ny andraikitry ny ray aman-dreny amin'ny fikarakarana ny mpiray tampo aminy. | Fanamorana ny fahafahana mahazo vatsy sosialy | Mpitsabo | Mbola tsy misy ny olona fantantra fa voan'ny tsimokaretina VIH /SIDA | *Ny isan' ny olona mitondra ny tsimokarentina VIH/SIDA aorian' ny fitiliana* | 2014 | |
| **Fanatan-jahatena -Fivoarana ara-piharahamonina (ara tsosialy)** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny fisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy mampiasa ny | Ny kominina dia mitana antotan'isa voasokajy araka ny maha lahy na vavy momba ny fampiasanana ny | kaomininina | misy ny antotanisa | Hezahina hitovitovy ny isan' ny lahy sy ny vavy amin' ny fampasana ny foto-drafitrasa hoan' ny fanantajahantena sy ny | 2014 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fotodrafitr'asa ho an'ny fanatajahan-tena sy ny zava-kanto ary ny fialam-boly ary fahazoana antoka ny amin'ny famelomana indray ireo lalao nentim-paharazana izay sady azon'ny vehivavy atao no azon'ny lehilahy atao | fotodrafitrasa izay misy, ohatra: trano fitaizana be antitra, tranom-pokonolona, trano famakiam-boky, ary koa mitandro fa ny vehivavy sy ankizivavy , ny lehilahy sy ny ankizy lahy dia samy mandray tombotsoa mitovy amin'ny fitsinjarana ny teti-bola momba ny fotofrafitr'asa nataokana ho an'ny fanatanjahan-tena sy ny fialam boly. | | | fialahaboly | | |
| | Fanatanterahana asa fanamarinana momba ny miralenta; fandrafetana fotodrafitr'asa hiantohana ny fitovian'ny tombontsoa azon'ny lehilahy sy ny vehivavy avy amin'izany. | kaominina | misy ny antotanisa | Hezahina hitovitovy ny isan' ny lahy sy ny vavy amin' ny fampasana ny foto-drafitrasa hoan' ny fanantajahantena sy ny fialahaboly | 2014 | |
| **IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO** | | | | | | |
| Fampitomboana ny isan'ny vehivavy ampiasaina ao amin'ny kaominina | Fanaovana ny miralenta ho laharam-pahamehana ao amin'ny drafitra momba ny asa tokony ho vita, amin'ny fomba mazava tsara | Kaominina | Mpiasan' ny kaominina<br>Vavy :04<br>Lahy :03 | *Efa tratra ny tanjona* | Efa vita tamin'ny 2011 | Budjet kaominaly |
| | Fikarohana sy fangatahanana ny fanohanan'ny sendika mba hisian'ny fifanakaikezana bebe kokoa eo amin'ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy miasa ao amin'ny kaominina | Kaominina | Tsy misy ny sendika eo amin' ny mpiasan' ny kaominina | Efa tratra ny tanjona | Efa vita tamin' ny 2011 | Budjet kaominaly |
| **Fifantenana sy fandraisana mpiasa** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mitovy ny mety hahazoan'ny vehivavy sy ny lehilahy ny asa eo amin'ny dingana rehetra amin'ny fifantenana sy ny fandraisana mpiasa | Ny tolotr'asa rehetra dia tokony hamporisika ny vehivavy hametraka ny fangatahany. | kaominina | Ny tolotr'asa rehetra eo anivon' ny kaominina dia tsy nasiana fanavakavahana fa natao hoan' ny vavy sy ny lahy | Betsaka ny isan' ny vavy nohon' ny lahy eo anivon' ny kaominina | Efa vita tamin' ny taona 2011 | Budjet kaominaly |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| Fanomezam-pahalalana sy fampiofanana ireo mpiasa vehivavy izay voan'ny tsindry hazo lena teo aloha, amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fahaiza-manao sy fandaharanasa fitarihana mba hahafahany manana ny fahaiza-manao ilaina hanatanterahany ny asany sy hahafahany manoritra ny lalany amin'ny fisondrotana amin'ny asa. | Fanamarinana sy fanombanana ny fahaiza-manaon' ny mpiasa rehetra ao amin'ny kaominina. | Kaominina | Efa nisy ny famiofanana Hetra,teti-bola ifarobonana,fitananan-bola,FDL,fotodrafitr'asa.... | Tohizana ny fihofanana ary ampidirina ny resaka miralenta | Septambra 2013 | Teti-bola kaominina |
| | Fanapariahana ny biraon'ny kaominina mba hisian'ny fanapariahana ny fampahafantarana. | Kaominina Miofana rehetra | *Efa misy eo anivon' ny kaominina* | Fanamparitahina Fokotany ,vohitra Fampitombohina Fanatevenana fanamasisana | Septembra 2013 | |
| | Fanatanterahana fandaharanasa fampahafantarana ny andraikitry ny ray aman-dreny. | Kaominina | *Tsy misy ny fotodrafitr'asa* | *Asiana fandaharan' asa fampafantarana ny ray aman-dreny* | 2013-2014 | |
| | Fanohanana ny ankanin-jaza sy fampitomboana ny isany | Kaominina | *Tsy misy ny fotodrafitr'asa* | *Ho asiana ny ankanin' jaza* | | |
| Famolavolana sy fanatanterahana politika manohitra ny fisisihan-kiray ao amin'ny kaominina. | Famolavolana sy fanatanterahana politika manohitra ny fisisihan-kiray. | Kaominina | *Efa misy ny politika* manohitra ny fisisihan-kiray | *hamafisina ny politika ary hampiarina* | Septembra 2013 | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny fiahiana ny ain'ny vehivavy miasa amin'ny alina. | Fiarovana ny vehivavy miasa amin'ny alina. | | *Tsy misy miasa amin' ny alina ny vehivavy* | | | |
| **V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| **Rafitry ny miralenta** | | | | | | |
| Fametrahana rafitra matotra izay fampiharana ny miralenta ary fahazoana antoka fa manana ny fahefana tokoa izy ireo hanatanterahany ny asany ary hahazoana ny fiombonan'antoky ny | Tafatsangana ny rafitra misahana ny miralenta eo anivon'ny komininna ary misy olona iray tompon'andraikitra izay mahazo ny tetibola sy ny fahefana hanatanterahina ny asa. | Kaominina Mpiofana | Tsy nisy rafitra misahina ny miralenta eo anivon 'ny kaominina | Fananganana ny rafitra misahina ny miralenta en anivon' ny kaominina Ben' ny tanana no tompon'adraikitra voalohany | Manomboka septambra 2013 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| mpitondra mahefa rehetra. | | | | | | |
| **Tetibola, fanaraha-maso sy tombana** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny hanokanana enti-manana ho an'izay asa laharam-pahamehana hametrahana ny miralenta | Fanatanterahana fanadihadiana ijerena ny miralenta eo amin'ny teti-bolan'ny kaominina sy ny minisitera. | Kaominina Mpiofana rahetra | Tsy nampidirina tao anaty teti-bola | Asiana maribola ao anatin' ny budjet ny kaominina mikasika ny miralenta | 2014 | Hestsika ataon' ny mpikambana kaominina |
| **Fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa misy fiofanana hatao mba ho fampahafantarana ny mpiasa rehetra sy ny vondrom-piara-monina rehatra momba ny miralenta. | Fanamorana ny fiofanana momba ny fahaiza-manao ho an'ireo olona ao amin'ny rafitra fametrahana ny miralenta. | Kaominina sy ny mpiofana | Tsy ampy ary tsy mitohy ny fanofanana | Ampiana ,tohizana, amparitaka ary atao mitohy ny fiofanana | Septambra 2013 | Teti-bola kaominina |
| Fampahafantarana momba ny resaka miralenta sy famongoran'ny fiheverana fa ny miralenta dia 'resa-behivavy' (na mikasika ny vehivavy irey ihany) | Fandraisana anjara amin'ny hetsika mba hampisongadinana ny miralenta oh: Andro ny vehivavy,fetin'ny Ray, ny hetsika 16 andro iadiana aminy herisetra. Na Sixteen Days campaign | Kaominina sy ny mpiofana rehetra | Ny 8 marsa ihany no anaovana hetsika eto anivon'ny kaominina | Fankalazana ny 16 Andro ihadiana amin'ny herisetra | 2013 | |
| **TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY** | | | | | | |
| **Fanohanana sy fanampiana** | | | | | | |
| Fametrahana drafitr'asa sy asa hoenti-manohana ireo niharan'ny herisetra nohon'ny fiavahana | Fanaovana famakafakana momba ireo trano fialokalofana | Kaominina | Mbola tsy manana trano fialokalofana ny kaominina na andraisana ireo niaran'ny herisetra | Fananana trano natokana handraisana ireo niaran'ny herisetra | 2014 | |
| | Fananganana ivon-toerana fikarakarana ireo beantitra mba hiarovana azy ireo tsy hiharan'ny Herisetra. | Kaominina | Mbola tsy manana ivon-toerana fikarakarana ny be antitra ny kaominina | Fananana trano natokana hikarakarana ny beantitra ny kaominina | 2015 | |
| **Fandrindrana** | | | | | | |
| Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana toky fa ny ezaka hiadiana amin'ny Herisetra dia | Fametrahana rafitra iarahan'ny sehatra maromaro miara-miasa amin'ny ady amin'ny herisetra. | Kaomina Mpitandro fialaminana ( | Efa misy fiaraha miasa akaika eo @ kaominina sy ny | Fitohizan'ny fiaraha-miasa amin'ny gendarme sy ny quartier mobile | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| niaraha-niasa avokoa | | Gendarme) Quartier mobile | gendarme | | | |
| ***Momba ny vola omena hiasana*** | | | | | | |
| Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana antoka fa hampiasain'ny Kaominina amin'ny ady amin'ny herisetra marina ny vola sy ny fitaovana omena azy. | Fanokanana tetibola sy fitaovana hoenti-miady amin'ny Herisetra | Kaominina | Mbola tsy tafiditra ao amin'ny budget ny kaominina ny miralenta | Fananana sora-bola manokana hoenti-miady amin'ny Herisetra | 2014 | |
| ***Fanaraha-maso sy tombana*** | | | | | | |
| Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana antoka fa voara-maso sy fantatra tsara ny amin'ny herisetra | Mamolavola fanamby maromaro miaraka amina tondro mba hanombanana ny ezaka vita:<br>- manamarina fa ireo ezaka rehetra ireo dia mizotra ho amin'ny fanatanterahana ny drafitrasan mamolavola fanamby maromaro miaraka amina tondro mba hanombanana ny ezaka vita<br>- manamarina fa ireo ezaka rehetra ireo dia mizotra ho amin'ny fanatanterahana ny drafitrasan'ny fampandrosoana "miray dia'" (DTMD). | Kaominina, mpiofana, Quartier mobile, ny gendarme, mpitsabo, mpanabe, seecaline | Tsy ampy ny fanaovana tombana sy fanarahamaso | Fanaraha-maso manara-penitra | Isan-telovolana | Kaominina Latsak' emboka |
| **Fiarovana** | | | | | | |
| Fiarovana ny vehivavy mba tsy hiharan'ny herisetra mpahazo ny Vehivavy sy ny ankizivavy.<br>Fanorenana fiarahamonina tsy misy herisetra amin'ny alalan'ny fanitsiana sy fanantsarana ny fiarovana eny amin'ny toerana fivezivezen'ny mponina | Manao famakafakana momba ny fiarovana Miralenta ary mametraka fanamby manokana ho fampihenana ny Herisetra. | Kaominina Fokontany Qaurtier moblile | Efa misy toby ny gendarmerie, | Fa miara –miasa amin'ny kaominina sy ny gendarme | 2012 | |
| | Manao famakafakana momba ny fiarovana miralenta ary mifanaraka amin'ny hanaovana fihaonanana isan-taona momba ny fiarovana vy Vehivavy amin'ny herisetra. | Andromasom-pokonolona amin'ny fotoana mafampana | | | | |
| | Mamolavola sy mitady tetika sy paika hampisy jiro sy hanazava ny toerana rehetra dia atolotra ny mpanolo-tsain'ny tanàna. Ny | Kaominina | Betsaka ireo trano efa haolo lasa tobin'ny mpangalatra | Fandraisana andraikitra amin'ireo trano haolo | 2013 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | fikarakarana sy ny fanaraha-maso mantsy dia tsy maintsy ataon'ny eo an'toerana ihany ary ifandimbiasan'izy ireo. | | | | | |
| | Manisy anarana mazava tsara ny làlana rehetra mba hahamora ny famonjen'ny polisy sy ny sampan-draharaha misahana vonjy taitra, ny mponina raha sanatria ka misy loza. Ny Kaominina tsirairay koa dia tsy maintsy mahita fomba hamantarana tsara ny tompon'ny tany eo amin'ny fari-piadidiany sy ireo toeram-ponenana mbola tsy misoratra any amin'ny fanjakanana. | Fanaovana jiro, fanaovana ziro | Kaominina | Fananan'ny kaominina pôto jiro | 2014 | |
| | Fanaovana fanentanana mitohy | Kaominina, mpandray Anjara | | | | |
| ***Hetsika** fanentanana mba hahatonga saina ny olona mars* | | | | | | |
| Fitaizana ny mponina mba hanao ny famongorana ny Herisetra ho vaindohandraharaha . | Amin'ny alalan'ny fiarahamiasa. ONG sy vondron'olona ifotony (VOI), ataovy mandavan-taona ny asa fanentanana fa tsy 16 andro arakany ao amin'ny fifanarahana fotsiny | Kaominina<br>Mpiofana rehetra<br>Mpanabe<br>Quartier Mobile<br>Sefom-pokontany<br>Ray aman-dreny fiangonana | Hetsika 08 mars | Mahavita hetsika mandavan-taona (in 03 taona isan' taona farafahakeliny ) | Septembra 2013 | Kaominina Malala tanana latsakemboka |
| ***Ireo fanao tsara mampahomby indrindra*** | | | | | | |
| Fampahalalana ho fanta-bahoaka ireo fanao tsara sy mampahomby amin'ny ady amin'ny Herisetra | Angony dia asehoy ireo fanao tsara sy mampahomby indrindra efa nampiharin'ny Filan-kevitra hatrizay tamin'ny famongorana ny Herisetra | Kaominina<br>Mpiofana rehetra<br>Quartier Mobile<br>Gendarme | Mahazo fiofanana fa tsy mbola hita taratra mazava ny fampiarana ny fiofanana izay azo | Fampianarana ny fiofanana rehetra voaray<br>Fanataterahana ny drafit'asa izay novolavolaina | Septembra | |

# Tovana E : FORMULAIRE D'EVALUATION

**Information Administratif**

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Sexe** | ☐ Lahy 3 ☐ Vavy 22 | | | | | |
| **Firenena** | Madagascar | | | | | |
| **Kaominina** | Andriampamaky | | | | | |
| **Taona** | 12 - 17 ☐ | 18 -30☐ 4 | 31- 40 ☐ 5 | 41 - 50☐ 10 | 51 – 60 ☐ 6 | 60 + ☐ |
| **Fianarana** | Ambaratonga voalohany ☐ 1 | Ambaratonga faharoa ☐ 23 | Oniversite ☐ 1 | Fanofanana ara-kasa ☐ | Fampianarana olon-dehibe ☐ | |

**Tombana :**

| | **Naoty /10** |
|---|---|
| 1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny | 9 |
| 2. Votoatin'ny fandaharana | 8,9 |
| 3. Tahirin-kevitra nampiasaina | 8 |
| 4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana | 9,4 |
| 5. Asa isam-baomiera ( travail de groupe) | 8,9 |
| 6. Vokatra azo | 8,1 |
| 7. Fanajana ny fandaharam-potoana | 8,9 |
| 8. Fahalalana azon'ny mpiofana | 8,1 |
| 9. Tombon-tsoa eo amin'ny fivelarana | 8,6 |
| 10. Fandaminana ankapobeny( sakafo, toerana, sns | 8,4 |

**Fanamarihana**

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao ? Antony?
    - Ny fampandrosoana ara-toekarena ifotony satria miakina amin'ny tsirairay ny fandrosoana
    - Ny ady amin'ny herisetra satria kaominina tokony hilamina ny ety aminay
    - Ny fahafantarako ireo olona mahatoka ny vehivavy tsy afaka mandray anjara satria nahazo vahaolana betsaka ny tenako
    - Fandrafetana ny drafitr'asa satria nahafantarako zavatra betsaka
    - Ny fampandrosoana ara-toekarana ifotony satria mahakasika be dia be ny fihainanay andavanandro.
    - Ny ady amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy satria matetika izy ireo no iharana fanolanana, vono …sns.

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao ? Antony?

3. Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto amin'y fihofanana?

- Ny fomba fampiharana ireo fahalala noratovina dia eo amin'ny fotoana misy fivoriana na fampianarana an-tsekoly
- Hampiariko avy hatrany ny fahalalana noratoviko ary ampihariko eny amin'ny fiaraha monina izany
- Hitondra ny anjara birikiko amin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.
- Hampiariko eo amin'ny ankohonako, fokontany ary fiaraha-monina misy ahy.

Fanamarihana hafa ?

- Tokony mbola hisy fiofanana hafa indray satria hita fa mampitombo be ny fahalalana ny fiofanana tahak'izao.
- Tokony hisy matetika ny fiofanana
- Nahafinaritra ny fiofanana rehetra
- Nahafa-po ny fifampitondrana rehetra